

A Ny adin'i Satana amin'i Jesosy:

❖ Ilay zaza nalaina an-keriny. Apokalypsy 12:1-6.

- Ny vehivavy.
 - (1) Ny Fiangonan'Andriamanitra (2Kor. 11:2; Tononk. 6:10)
 - (2) Mitafoy ny Masoandron'ny Fahamarinana, Kristy (Mal. 3:20)
 - (3) Eo amin'ny Volana. Mifototra amin'ny Tenin'Andriamanitra, ny Fanambarana ny voninahitr'i Kristy.
- Ny dragona.
 - (1) Satana (Apok. 12:9)
 - (2) Ny rambony dia fitaovana entiny mamitaka (Isa. 9:14-15)
 - (3) Namitaka ny ampahatelon'ny anjely izy ary manjera ireny ety an-tany (Apok. 12:4).
- Ny zaza.
 - (1) Jesosy: izay hanapaka amin'ny tehim-by (Apok. 19:15)
 - (2) Nankarina ho any an-danitra Izy mba hasandratra (Asa 2:33).

❖ Resy Satana. Apokalypsy 12:7-12.

- Rehefa nikomy tany an-danitra Satana, dia natsipy tao anaty “gadra fahamaizinana.” (Isa. 14:12-15; 2Pet. 2:4)
- Navelan'Andriamanitra hiseho tany an-danitra izy amin'ny maha-solontenan'ny tany azy (Job 1:6; 2:1).
- Hatramin'ny nahafatesan'i Jesosy, dia tsy afaka miditra any an-danitra intsony izy. Tsy manana fisalasalana ny amin'ny toetran'i Satana intsony ireo anjely sy ny tontolo tsy lavo (Apok. 12:9-12).
- Resy Satana, kanefa navela hanapaka ny Tany sy ny mponina eo aminy izy amin'ny fomba voafetra.

B Ny adin'i Satana amin'ny Fiangonana:

❖ Ilay vehivavy tany an'efitra. Apokalypsy 12:13-16.

- Tezitra Satana rehefa noroahina niala tany an-danitra, koa dia niezaka ny hamely an'Andriamanitra izy amin'ny fanafihana izay tian'Andriamanitra indrindra: ny Fiangonany (Zak. 2:12).
- Ny rano izay ampiasain'ilay dragona hanafihana ny Fiangonana madio dia ilay rano izay iorenan'ilay fiangonana nihemotra ihany: vahoaka tsy niova fo (Apok. 12:15; 17:15).
- Ireo izay nahatoky tamin'Andriamanitra dia niharan'ny fanenjehana, indrindra teo anelanelan'ny taona 568 AD – 1798 AD (nandritra ny 1260 taona).
- Nitady fialofana tany amin'ny toerana tsy dia nisy mponina izy ireo (efitra). Toy izany no nataon'ireo Vaudois sy ireo Mpivahiny (Pères pèlerins).

❖ Ny Sisa. Apokalypsy 12:17.

- Nipoitra taorian'ny 1798 AD ny Sisa. Manana toetra roa miavaka izy:
 - (1) Mitandrina ny Didin'Andriamanitra.
 - (a) Ny fifanandinana farany dia momban'ny fiankohofana amin'Andriamanitra na ny bibidia
 - (b) Tafiditra ao anatin'izany ny didy 4 voalohany, indrindra fa ny Sabata (Apok. 14:7).
 - (2) Manana ny filazana an'i Jesosy Kristy.
 - (a) Apokalypsy 19:10 dia manazava fa “fa ny filazana an'i Jesosy no fanahin'ny faminiana.”
 - (b) Nanomboka tamin'ny 1844, dia niseho tamin'asa fanompoana sy asa soratr'i Ellen G. White ny fanahin'ny faminiana.

D Ny paik'adin'i Satana.

- ❖ Ny asa famitahana ataon'i Satana dia anisan'ny tantara ao amin'ny Apokalypsy 12:9 - 20:7-10. Ny tena asongadina amin'io andalana io dia ireo toe-javatra hitranga amin'ny Andro Farany.
- ❖ Io asa io dia tanterahin'ilay dragona (fiantsoana avelo amin'ny fomba moderna), ilay bibidia avy ao anaty ranomasina (Katolika Romana) ary ilay bibidia avy amin'ny tany (Protestanta mihemotra) [jereo Marka 13:22].